Nanota ny mpanompo iray ka niteny hoe : Tompo ô, mamelà ny fahotako

Tatitra azo avy tamin'Abou Huraira (RA) Azo avy tamin'ny Mpaminany (S.A.W), araky ny notantarainy avy tamin'ny tompony manao hoe : "Nanota ny mpanompo iray ka niteny hoe : Tompo ô, mamelà ny fahotako; dia hoy ilay Avo Tsitoha hoe : Nanota ny mpanompoko, ary fantany fa manana tompo mamela ny heloka sy manasazy amin’ny ota izy, avy eo dia niverina nanota izy dia niteny hoe : Tompo ô, mamelà ny fahotako; dia hoy ilay Avo Tsitoha hoe : Nanota ny mpanompoko, ary fantany fa manana tompo mamela ny heloka sy manasazy amin’ny ota izy, avy eo dia niverina nanota izy dia niteny hoe : Tompo ô, mamelà ny fahotako; dia hoy ilay Avo Tsitoha hoe : Nanota ny mpanompoko, ary fantany fa manana tompo mamela ny heloka sy manasazy amin’ny ota izy, ataovy izay tianao atao fa efa navelako ny fahtoanao".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W), dia mitantara avy amin'ny Tompony fa raha misy mpanompo manao fahotana ka miteny hoe : Tompo Allah ô, mamelà ny fahotako, dia miteny i Allah ilay avo Tsitoha manao hoe : Ny Mpanompoko dia manota, ary Izy mahalala sy mahafantatra fa manana Tompo Mpamela heloka, ka saronany sy fafany izany, na koa mety manasazy azy, dia namela Azy Aho. Ka niverina nanota indray ilay mpanompo ka niteny hoe : Tompo Allah ô, mamelà ny fahotako, hoy i Tompo Allah manao hoe : Ny Mpanompoko dia manota, ary Izy mahalala fa manana Tompo Mpamela ny heloka, ka dia ho saronany na hofafany na manasazy azy, dia namela ny heloka ny mpanompoko Aho. Ka mbola niverina nanota indray ilay Andevo dia Niteny ka nanao hoe : Tompo Allah ô, mamelà ny fahotako, ka hoy i Tompo Allah ilay avo Tsitoha : Ny Mpanompoko dia manota, ary Izy mahalala sy mahafantatra fa manana Tompo Mpamela heloka, ka dia manarona izany Izy ka tsy mamafa izany, na manasazy Azy, dia namela ny heloka ny Mpanompoko Aho. Avelako Izy hanao izay tiany, raha mbola manao ota isaky ny miala amin'ny fahotana izy, manenina, ary manapa-kevitra ny tsy hanao izany intsony, fa ny tenany no mandresy Azy ka latsaka amin'ny fahotana indray Izao, dia manota Izy ka mibebaka, dia havelako ny helony, fa ny fibebahana dia mandrava izay teo alohany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4817